

## Ahoana no hitomboana

Hitombo amin'ny zavatra rehetra ho an'izay Loha, dia Kristy  
(Ef 4: 15a)

Tsy ho zaza intsony isika  
(Ef 4: 14a )

Tian'Andriamanitra hitombo ianao.

Ny tanjon'Andriamanitra Ray ho an'ny mpino dia ny hivelarany amin'ny toetran'i Jesoa Kristy. Ny mampalahelo anefa dia ny fisian'ny kristiana antapitrisany maro izay tsy mahatratra ny maha-olondehibe azy mihitsy mandrapahantiny, fa mitoetra ho zaza ara-panahy lalandava, ka mila lambanjaza sy solian-jazakely hatrany. Ny anton'izany dia noho izy ireo tsy mieritreritra ny hitombo mihitsy.

Tsy mandeha ho azy mantsy ny fitomboana ara-panahy fa mitaky firotsahana an-tsitrabo, dia fitiavana hitombo, fanapahan-kevitra hitombo, fiezahana hitombo ary faharetana amin'ny fitomboana. Izay te-hirosa amin'ny lalana voatokana hizaran'ny mpianatry ny Tompo ho amin'ny fanahafana an'i Kristy dia tsy maintsy manapa-kevitra hanaiky ny antson'i Jesoa hoe : “Manaraha Ahy” (Mat 9: 9).

Raha nifidy hanaraka an'i Jesoa ireo mpianatra voalohany, dia tsy nanadihady izay ho vokatry ny fanapahan-kevitra noraisiny izy, fa nanaiky avy hatrany ny fanasan'i Jesoa azy. Manapa-kevitra hanaraka an'i Jesoa, izany koa no tokony hataonao voalohany indrindra.

Ny fanapahan-kevitra raisinao dia hisy fihatraikany amin'ny fiainanao manontolo. Ny firotsahanao hanatanteraka izany dia mety hampahery anao, nefa mety hamotika anao koa. Koa amin'inona ary no anoloranao tena ?

Dify ny planin'Andriamanitra ny fiainan'ny ankamaroan'ny olona. Ny sasany moa dia sarotahotra ka tsy sahy mirotsaka na amin'inona na amin'inona, fa manaraka ambokony fotsiny izay andehanan'ny fiainany. Ny sasany indray dia manokan-tena tsy misy fandresen-dahatra amina soa toavina tsy azo antoka ka tsy mahita afa-tsy fahadisoam-panantenana ary tsy mahazo afa-tsy zavatra tsy dia mahafapo azy loatra. Ao koa ireo miezaka mafy dia mafy ho tonga mpanankarena na ho olo-malaza, kanjo ny fiafarany dia voasodoka sy diso fanantenana. Na inona na inona safidinao dia hisy vokany amin'ny mandrakizainao avokoa. Koa aoka ho amin'ny fahendrena no hisafidiananao izay handrosoan'ny diana. Petera dia milaza hoe: “Raha ho levona toy izany izao zavatra rehetra izao, dia olona tokony hanao ahoana moa ianareo amin'ny fitondrantena masina sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra ?” (Pet 3: 11).

Ny anjaran'Andriamanitra sy ny anjaranao.

Mba hahazoanao manahaka an'i Kristy sy mba hahatànanao izany hatramin'ny farany, dia tokony ho araka ny sitrapon'Andriamanitra ny safidy ataonao ary tokony hiankina amin'ny Fanahiny ianao. Ny fanapahan-kevitra hanahaka Azy dia tsy maintsy arahina fivoarana amin'izay atao. Atomboka amin'ny fanariana ny fanao mahazatra sy ny fianarana fanao vaovao izany, ary androsoana amin'ny fanovana ny fomba fisainana. Ny Fanahy Masina no hanampy anao amin'ny fiainana izany fihavaozana izany. Ny Baiboly mantsy dia milaza hoe: "Miasa amin'ny tahotra sy ny hovitra ... fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony" (Fil 2: 12-13).

Izany andinin-tSoratra Masina izany dia mampiseho ny lafiny roan'ny fitomboana ara-panahy: andraikitsika ny miasa, fa an'Andriamanitra kosa ny miantoka ny vokatra. Ezaka iaraha-manao amin'ny Fanahy Masina ny fitomboana ara-panahy. Miara-miasa aminao ny Fanahin'Andriamanitra fa tsy miasa ao anatinao fotsiny.

Ho an'ny krisrtiana dia tsy manoro izay fomba hahazoam-pamonjena akory ireo andinint-tSoratra Masina ireo, fa mampiseho kosa izay tokony hatao mba hahafahana mitombo. Tsy hoe miasa mba ho voavonjy, fa efa ampy izay nataon'i Jesoa ho famonjena anao.

Ny fanazaran-tena fanao any amin'ny spaoro dia ezaka atao mba hampitombo ny herim-batana, fa tsy atao hazoana vatana indray akory. Ny puzzle dia fandrafetan-javatra avy amin'ny fanambakambanana fotsiny ireo sombintsombin-javatra efa eo an-tanana rahateo. Ny asa tany fanaon'ny mpamboly dia tsy ikendrena izay hampitomboana ny velaran-tany asaina akory, fa atao hamokarana ny efa ananana.

Tahaka izany koa, efa nomen'Andriamanitra fiainam-baovao ianao, koa anjaranao kosa ny mikarakara tsara izany "amin'ny tahotra sy ny hovitra". Aza atao vazivazy ny fitomboana ara-panahy. Izay tsy manao izany ho zava-dehibe dia tsy mbola mahazo tsara ny vokatra entiny eo amin'ny mandrakizainy (araka izay hita ao amin'ny toko 4 sy 5).

### Ovay ny fomba itondranao ny fiainanao

Raha tianao hiova ny fiainanao dia tsy maintsy miova koa ny fomba fisainanao. Izay atao rehetra mantsy dia miainga avy ao an'eritreritra avokoa. Ny toetra sy ny fihetsehana rehetra dia mifototra amin'ny fandresen-dahatra ananana. Ny asa sahanina dia miankina amin'ny fahazotoana hanao izany. Arivo taona maro talohan'ny nahatsapan'ny psychologues izany no efa nanambaran'Andriamanitra hoe: "Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana; fa avy ao aminy no ihavian'ny aina" (Oh 4: 23).

Hevero ho mitaingin-dakana misy motera ange ianao e ! Raha entin'ny fanamory mamily ho azy miantsinanana ny lakana, kanefa ianao te-hitodidoha hiankandrefana, dia zavatra roa no azonao atao.

Voalohany: raisinao ny familiana dia ezahinao toerina amin'ny herinao rehetra ilay fanamory mamily ho azy ny lakana, kanefa vizana ianao noho ny hamafin'ny herin'ny milina toherinao, dia avelanao ny familiana ka miverina miantsinanana indray ny lakana.

Toy izany no miseho raha araka ny finiavanao fotsiny no ikelezanao aina hanovàna ny fiainanao. Hoy ianao hoe: “Hiezaka tsy hihinan-kanina betsaka aho ... hampiasa vatana bebe kokoa aho ... hanatsara ny fandaminako ny fiainako aho mba hahamarim-potoana ahy. Eny, mety hitondra fiovana mihelina ihany eo amin'ny fiainanao ny finiavanao hanao izany, nefa dia mamboly fikorontanana maharitra ao anatinao koa, satria tsy mamaha ny olana hatrany amin'ny fotony. Tsy fiovana mandeha ho azy ara-dalana mantsy izany, ka mampiverina ilalana tsy hanohy ny fandanjana ny hanina hohanina sy ny fampiasam-batana. Vetivety foana dia miverina amin'ny fanaonao mahazatra indray ianao.

Ny faharoa izay tena tsotra nefa mahomby dia ny fanoloana ny fanamory mamily ho azy ny lakana, izany hoe ny fomba fisainana. Ny Baiboly dia milaza hoe: “Miovà amin'ny fanavaozana ny saina” (Rom 12: 2b). Izay tokony hataonao voalohany, raha te-hitombo ara-panahy ianao, dia ny miova amin'ny fomba fisainana. Fiovana atomboka ao anatin'ny saina izany. Ny fomba fisainanao no mamaritra ny fihetseham-ponao, ary ny fihetsehamponao indray kosa no mitarika anao amin'izay fomba ihetsehanao rehetra. Hoy i Paoly raha manazava izany izy: “Mba hohavaozina kosa hianareo amin'ny fanahin'ny sainareo » (Efe 4 : 23).

Raha te-hanahaka an'i Kristy ianao dia tsy maintsy manana ny sain'i Kristy. Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia antsoina hoe fibebahana izany fiovana izany. Fiovana toe-tsaina no heviny amin'ny teny grika. Mibebaka ianao rehefa mandao ny fomba fisainanao ka manaraka ny fomba fisainan'Andriamanitra. Mifanaraka amin'ny hevitr'Andriamanitra ny hevitrao mikasika ny tenanao, ny fahotana, Azy Andriamanitra, ny hafa, ny fiainana, sy ny ho avy. Amin'ny zavatra rehetra dia lasa mitovy fijery amin'Andriamanitra ianao.

Mibaiko antsika hanana ny “saina izay tao amin'i Kristy Jesoa” ny Baiboly (Fili 2: 5). Amin'izany dia tsy maintsy manomboka amin'ny fiovampisainana aloha isika mba hialana amin'ny fiheverana tsy matotra, dia ny fitiavan-tena. Ny Baiboly dia milaza koa hoe: “Ry rahalahy, aza mba ho zaza amin'ny fahalalana: raha amin'ny lolompo dia aoka ho zaza-bodo aza, fa amin'ny fahalalana kosa dia aoka ho lehilahy tokoa” (I Kor 14: 20). Toetra voajanahary ao amin'ny zazakely ny fitiavan-tena. Tsy mihevitra afa-tsy ny tenany sy izay ho azy fotsiny izy. Tsy hainy ny manome. Ny mandray foana no ataony. Izany no maha-zaza azy. Araka ny Baiboly, ny fitiavan-tena dia miteraka toetra ratsy. “Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatra ny nofo” (Rom 8: 5).

Manaraka izany dia tokony hanana ny toetran'i Jesoa koa ianao: misaina tahaka ny olon-dehibe, izany hoe mikarakara ny hafa fa tsy ny tena fotsiny ihany. Raha mamarana ny epistiliny amin'ny firesahana ny amin'ny toetran'ny tena fitiavana Paoly dia manazava fa ny fieritreretana ny hafa dia

porofon'ny fahamatorana. “Fony mbola zaza aho, hoy izy, dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza; fa nony efa lehibe aho, dia nariako ny fahazazana” (I Kor 13: 11).

Ankehitriny dia betsaka ny olona mihevitra ny tenany ho olon-dehibe ara-panahy satria manana fahalalana betsaka mikasika ny Baiboly sy ny fampianaram-pinoana. Tsy ny fahalalany ihany anefa no mahamatotra. Ny fiainana kristiana dia tsy maintsy hita koa amin'ny fitondrantena sy ny toetsaina. Izay ataontsika dia tokony hifanaraka amin'ny fandresendahatra ananantsika, ary ny fitondrantenantsika dia tokony haneho ny finoantsika.

Ny finoana kristiana (kristianisma) dia tsy fivavahanana na fahendrena, fa fifandraisana sy fiainana, ka ny fitiava-namana no mitana ny toerana voalohany ao amin'izany. Ny Baiboly dia manambara hoe: “Aoka isika rehetra samy hitady izay hahafaly ny namantsika amin'izay hahasoa sy hampanandroso azy, fa Kristy aza tsy nitady izay hahafaly ny tenany” (Rom 15: 2-3).

Ny fieritreretantsika ny hafa no porofo tsara indrindra hahafantarana ny fitomboantsika ara-panahy sy ny fanahafantsika an'i Kristy: “Fa isika tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra, mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika” (I Kor 2: 12).

Hevitra ho saintsainina: Tsy tara (tsy tratra aoriana) na oviana na oviana ny fanapahan-kevitra handroso amin'ny fitomboana.

Andinin-tSoratra Masina ho tadidiana: “Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitraon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina” (Rom 12: 2).

Fanontaniana tsara hapetraka: Amin'ny lafiny inona no tokony hialako amin'ny hevitra ka handrosoako hanaraka ny hevitr'Andriamanitra ?